# Miomana ho amin'ny Fiaviana Fanindroany

## Mitsangana eo amin'ny toerana masina

Vakio ireto toko sy andinin-tsoratra masina sy teny nambara manaraka ireto, ka tadiavo ny fomba ahafahantsika misafidy ny hitsangana eo amin'ny toerana masina.

Salamo 24:3–4; Isaia 58:13; Helamàna 5:12; 3 Nefia 18:24; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:15; 115:5–6

Nanazava ny Rahavavy Ann M. Dibb tao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany hoe:



Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nanoro hevitra hoe, "Anisan'ny toerana masina ny tempolintsika, ny trano fiangonantsika, ny tokantranontsika, ary ireo tsatòkan'i Ziona, izay natao . . . -ho fiarovana, sy ho fialofana- [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:6]" ["Prepare Yourself for the Great Day of the Lord," *New Era*, May 1982, 50]. Ankoatra ireo dia mino aho fa afaka mahita toerana maro hafa isika tsirairay. Mety heverintsika ho tontolo iainana azo tsapain-tanana na faritra iray ny teny hoe *toerana* amin'ny voalohany. Kanefa ny *toerana* dia mety ho "toe-tena mazava tsara, na fihevitra, na toe-panahy" [Merriam-Webster Online, "place," merriam-webster.com/dictionary/place] ihany koa. Midika izany fa tafiditra ao anatin'ireo hoe toerana masina koa ny *fotoana hitrangan-javatra eo amin'ny fiainana*—ireo fotoana ijoroan'ny Fanahy Masina ho vavolombelona amintsika, ireo fotoana ahatsapantsika ny fitiavan'ny Ray any An-danitra, na ireo fotoana izay andraisantsika ny valin'ny vavaka nataontsika. Ankoatra izany dia mino aho fa manorina toerana masina ianao isaky ny sahy mijoro amin'ny marina, indrindra rehefa tsy misy olon-kafa vonona ny hanao izany. (Ann M. Dibb, "Ny toerana masinareo," *Liahona*, mey 2013)

## Mandray ny Fanahy Masina ho mpitari-dalana antsika

Vakio ireto toko sy andinin-tsoratra masina sy teny nambara manaraka ireto, ka tadiavo ny fomba ahafahantsika mandray ny Fanahy Masina ho mpitari-dalana antsika.

Ohabolana 3:5–6; Salamo 118:8–9; 1 Nefia 4:6; 2 Nefia 32:5; Môrônia 10:5; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:12–14

Nampianatra izao ny Filoha Dallin H. Oaks ao amin'ny Fiadidiana Voalohany:



Ahoana no fomba handraisantsika ny Fanahy Masina ho mpitari-dalana antsika? Tsy maintsy mibebaka amin'ireo fahotantsika isika isan-kerinandro ka manavao ireo fanekempihavanantsika amin'ny alalan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo amin'ny tanana sy fo madio, araka ny nandidiana antsika [jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:8–9, 12]. Amin'izany fomba izany ihany no ahafahantsika mahazo ny fampanantenan' Andriamanitra fa "[hanana] mandrakariva ny Fanahiny miaraka [amintsika]" isika [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77]. . . .

. . . Tsy maintsy manao ireo zavatra ilaina mba hihazonana izany Fanahy izany foana isika. Tsy maintsy mitandrina ny didy isika, mivavaka mba hahazo fitarihana, ary manatrika ny fivoriam-piangonana sy mandray ny fanasan'ny Tompo isaky ny alahady. Ary tsy tokony hanao na inona na inona izay handroaka izany Fanahy izany isika. Marihina manokana fa tokony hisoroka ny pôrnôgrafia isika, ny alikaola, ny sigara ary ny zava-mahadomelina, ary misoroka mandrakariva ny fanitsakitsahana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena. (Dallin H. Oaks, "Be Not Deceived," *Liahona*, Nov. 2004, 46)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_183-1